KABARIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRIAMATOA DIDIER RATSIRAKA HO FAMARANANA NY TAONA 1998

Ry vahoaka malagasy, mpiray Tanindrazana malala !

Tonga indray ity i RANDRIANANDRASAN'NY besinimaro. Tsy iza izany fa ny ASARAMANITRA, dia ilay andro malaza, tsy leon'ny andro zato, ikoranan'ny mpianakavy, ifalian'ny mpiray donak'afo, ifagnotsafan'ny mpiray Tanindrazana !

Koa amin'ny maha Raiamandrenin'ny Firenena Malagasy ny tenanay, dia manararaotra izany vanim-potoana manan-danja loatra amintsika Malagasy izany izahay mba hitsidihanay anareo tsy an-kanavaka, isan-tokonam-baravarana, eny, isam-batan'olona, ka anoloranay ny arahaba feno firarian-tsoa sy fitiavana ho an'ny Malagasy rehetra, na mitovy hevitra aminay, na mpanohitra anay, fa zava-dehibe loatra ho an'ny taranak'olombelona io taona vaovao mandondom-baravarana io, izay taona mamarana ny taonjato faharoapolo.

Ho an'ny Malagasy rehetra, hoy izahay, na mpiray hevitra na mpiara-miasa na mpanohitra satria taona isa fa tsy roa io taona 1999 io, ka hanainganay ny Malagasy tia Tanindrazana rehetra, na any ambanivolo na an-tanan-dehibe, na lahy na vavy, mba hifanome tànana ary hiara-hiatrika ny taonjato faha-21.

Ry vahoaka Malagasy,

Mbola maro loatra ny Malagasy mahantra, iaraha-mahalala izany.

Tsy ampy ny karaman'ny mpiasa, na ny mpiasam-panjakana na ny tsy miankina amin'ny Fanjakana ; marina izany ;

Mbola tsy ampy ny vokatra, tsizarizary ny fahasalamana sy ny fampianarana ary ny fandriampahalemana ka mahatonga ny tsolotra, ny soloky sy ny halatra mahazo laka ; ekena izany ;

Tsy mbola mahavita tena ny Firenena Malagasy fa mbola miankin-doha be loatra amin'ny fanampiana avy any ivelany ; Tsy misy mandà an'izany ;

Tsy mbola ampy ny trano fonenana sy ny tobim-pahasalamana ary ny fanafody. Tsy azo lavina izany na eo aza ny ezaka maha-te-hidera ataon'ny tompon'andraikitra !

Tianay hiova haingana izany rehetra izany, toy ny fitombon'ny harim-pirenena, izay efa miverina amin'ny tarehimarika nisy folo taona lasa izay : 4% (efatra isan-jato) raha 0,1 % izy tamin'ny 1994.

Atsatsoin'ny mpanao gazety sasany io tarehimarika 4% io fa hoe tsy mahenika ny Firenena manontolo sy ny tsy miantraika amin'ny fiainan'ny daholobe. Kanefa, tsy aleo ve manana ny 4% tsy mahenika ny Firenena manontolo toy izay 0% (aotra

isan-jato) mahenika nefa manempotra ny mpiray Tanindrazana rehetra ?

Na izany na tsy izany dia heverinay fa tsy ampy izany 4% izany fa tokony hananika ny 5% isika amin'io taona ho avy io ! Na dia 4,5 % monja aza ny tanjona nifanarahana tamin'ny FMI.

Koa misy tolo-kevitra goavana tianay aroso amin'ny vahoaka Malagasy, liam-pandrosoana sy tia Tanindrazana rehetra, hampivoarana haingana dia haingana ity Firenentsika ity !

Fanamby goavana tianay atrehin'ny Malagasy tsy vaky volo amin'ny taona roa arivo, ka irinay mba hatomboka amin'ny taona ho avy izao izany paika sy tetik'ady izany.

Tsy inona izany fa tena ady fa tsy sarin'nady intsony amin'ny fahantrana, ady ho amin'ny fampandrosoana mirindra ary tsy mialonjafy ho an'ny faritany mizaka tena enina sy ho an'ny Malagasy tsy vaky volo.

Eo am-pieritreretana lalina ny fomba enti-manatanteraka izany tetika izany ny tenanay amin'izao fotoana izao. Koa raha heverinay fa masaka ny lohomby dia ho arosonay amim-panetre-tena sy amim-pitiavana aminareo amin'ny kabary fanaonay isaky ny voalohan'ny taona toy izao. Goavana ny foto-kevitra, hoy izahay, ary mila fahavononana, fahafoizan-tena, fitiavan-tanindrazana sy tena firaisan-kina tokoa.

Ka aza tsiny fa raha tsy mbola masaka, fa manta moaka na soamaravo dia mbola tsy arosonay fa sao mampararary kibo.

Fa eo am-piandrasana an'izany rehetra izany dia mamelà anay ianareo, tsy hivalampatra be etoana amin'ny kabary, mba tsy hanombinana be loatra ny fotoam-piravoravoanareo isan-tokan-trano, izay fantatra fa sarobidy tokoa !

Ny hany hambaranay fotsiny dia ity :

Milaza ny hiaraha-mahita izahay ary mipasoka ny efa malama raha mampahatsiahy fa :

Mitohy tsy miato ny asa fanarenam-pirenena imasoantsika rehetra. Efa manomboka mody ventiny ny ezaka natao, ary miha-mitsiry sy manangasanga miaraka amin'ny taona 1999 ny fanantenana vaovao nampanantenainay.

Aoka ary isika tsy andraraka ilo mby an-doha fa ilofo hatrany mandrapahatanterahana ny zava-kinendry rehetra.

Ry vahoaka Malagasy havana,

Fantatsika fa tsy misy fanaperana eto an-tany, ka aoka isika hisaotra an'Andriamanitra amin'ny fivimbinany antsika.

Aoka isika hivavaka Aminy ary hangataka ny Famindram-pony Masina mba samy ho ela velona ka ho tratran'izay ela indrindra, hifanantitra amin'ny olon-tiana, ka tsy hisara-mianakavy.

Miasa foana ny olombelona fa tsy misy zava-tanteraka raha tsy misy ny FANAMPIAN-JANAHARY izay mandahatra ny zava-drehetra.

Aoka isika hangataka Aminy mba ho hambinin-javamanasatra ka mba ho Firenena mandroso, ho irin'ny sasany fa tsy haniry ny hafa ny Tanindrazantsika, hiadanan'ny

Malagasy rehetra. MATOKY MANANA AZY ISIKA ka ny andon’ny lanitra sy ny tsirin’ny tany anie ho amintsika mianakavy.

Dia ho ela velona i Madagasikara MANDROSO, MIVOATRA ary MATANJAKA SADY MITRAKA.